



PROJET « AF RICE »

« Promoting Climate resilience in the Rice Sector through Pilot Investments in Alaotra-Mangoro Région »

NY FIFANDIMBIASAM-BOLY VARY SY LEGIOMA

1. *TENY FAMPIDIRANA*

Araka ny loha-hevitry ny tetik'asa AF RICE dia ny fiatrehina ny fioavaovan'ny toetr'andro, no nampidirana ao anatin'ny sampan'asa fambolena ho fanatsarana ny voly vary ny fivoizana ny fifandimbiasan'ny voly vary sy legioma. Ankoatr'izany raha sakafo no resahina dia isan'ireo mpitondra ny RAHA sy KASINGA rehetra ilain'ny vatantsika ny legioma.

Ohatra :

- Vitamina isan-karazany, lehibe indrindra amin' ireny ny vitamina A, miantoka ny fitomboana sy ny fijerena.
- Ny kasinga ilaina amin'ny fiarovana toy ny Fer
- Ny proteina ilaina amin'ny fitombona, fiasana ary famoronana
- Ny antibiotika natoraly koa izay manampy betsaka amin'ny fanasitranana ny fery sy ny fivontosana ary ny fanaintainana,
- Fandevonan-kanina tsara ho antsika tokoa ny legioma.
- Fidiram-bola ho an'ny fianakaviana
- Endrika sy ravaky ny tontolo iainana noho ny famaintso entiny ka mampivelatra saina.

2. *TOROMARIKA SY IREO FEPETRA TOKONY ARAHINA RAHA HANAO VOLY RIRININA MBA AHAZOANA VOKATRA TSARA SY ARA-DALANA*

• *Inona avy no ilaina tomombana raha hanao voly avotra?*

- Tany hovolena
- Fiasana tsara io tany ho volena io
- Zezika (zezi-pahitra na komposta)
- Tahirin-kevitra, fisy teknika momba ny voly avotra tiana atao
- Fitaovana
- Masomboly voafantina (mbola ao anaty fonosana fa tsy amin'ny sotrokely)

“ Raha ireo no tsy tomombana dia aleo tsy manao ”



- **Ny tany hovolena:** Ny safidy ny toerana hanaovana voly ririnina dia zava-dehibe ho an'ny mpamboly. Rehefa io safidy io no diso dia tsy hisy vokany ny atao.
- ❖ Ny ambanimbany toerana sy ny “VODY TANETY” dia be mpampiasa aty amin'ny Faritra Alaotra.
- ❖ **Eny an-dohasaha ary indrindra eny an-tanimbary no tena amporisihina ao anatin'izao tetik'asa izao (mba ho fanatsarana ny tanimbary)**

- Tany lonaka
- Misy rano fanondrahana
- Voaaro amin'ny biby fiompy sy mpanimba
- Mora arahi-maso
- Voajary ara-teknika, toy ny raha misolampy
- Vita tohatohatra (courbe de niveau)
- Tsy malo-dava
- Tsy itodian'ny rivo-mahery

- **Ny fanamboarana ny tany**

Amin'ny pilasy no tsara hanaovana ny voly avotra na amin'ny fahavaratra na ririnina main-tany.

- **Ny fitaovana fampiasa:** Tena tokony hananana izy ireo raha tiana ahomby ny voly legioma izay atao ankoatry ny fanarahana tsara toro marika ara teknika.

Razoara (ilaina amin'ny fanondrahana); Rateau; Fourche; Borety; Sobika; Angady; La pelle ; Tsatoka (ho an'ny voly legioma mila izany); Tady (Fafy manara-tsipika (en ligne); Metatra; Antsibe; Fihevoana; Siô.